Convention on Biological Diversity

Fantaro ny fifanarahanana iraisam-pirenena momba ny karazanjavamananaina

TAFO MIHAAVO

Fampitaovagnasy fampihatiagna

Tanjogno lah.23:Mampihatra nymiralenta amin'ny fagnatanterahagna ny asa jiaby

Mandritra nyfagnatanterahagna ny drafitrymanerantagny ho amin'ny karazanjava-manan'aingny dia ampiharigny hatrany ny miralenta sy ny fampitoviagna ny lahy sy ny vavy. Ampiharigny koazegny fomba fiasa zegny amin'ny fagnatraragna ny Vondrona 3 bavata, ny fahazoagna misitraka ny zo ary ny fisitrahagna ny tony sy ireo haregny voajanahary misy ao amin'ny faritra ifampivelomagna, ny fahafahagna mandray fanapahan kevitry amin'ny fandrafetagnany politikam-pampandrosoagna sy ny amin'ny lafiny karazanjava- manan'aigny.

Tanjogno lah.21: Ampelatanagna ny atontanisy, ny vaovao sy ny fahalalagna rehetra ahahafahagna mandray fanapahan-kevitry

Mandray fanampahan-kevitry malalakamombanykarazanjava-manan'aignyny mpitondra, ny mpisehatra, ny vahoaka jiaby satria marim-pototro, feno ny fahalalagna eo ampelatanagny. Tokony ahazoagna alalagna mialoha ao anaty fahazavan-tsaigny tanteraka avy amin'ny Fokonolono eny ampotorany ny fampiasagna ny fahalalagna netim-paharazagna. Hamafisigny ny rohy hanamoragna ny fikorianam-baovao, ny fifanankalozagna traikefa sy ireo paikady mahomby, ny fanentanagna, ny fanjohiagna ny ezaka vita, ny fikarohagna ary ny fitantanagna ny harentsaigny.

Maridrefy milaza fa miroso amin'ny fahatratraragny ny tanjona atsika

- Andraikitry eo amin'ny fitantagnan draharaha eny ampotorany magnaja ny miralenta;
- Fanjohiana ny vokatra amin'ny alalan'ny antotanisa, fampahalalam-baovao, serasera sy fanabeazagna;
- Fanatsaragna sy haitao, ary fampiharagna izany ataon'ireo Fokonoloeny ifotony

Convention on Biological Diversity

Fantaro ny fifanarahanana iraisam-pirenena momba ny karazanjavamananaina

TAFO MIHAAVO

Mihegny ny hambagna amin'ny fahaverezan'ny karazanjava-mananaigny

Mihegny ny hambagna amin'ny fahaverezan'ny karazanjava-mananaigny

Farafahakeliny 30% n'ny toerana manan-danja manokanga amin'ny karazan-java-manan'aingny sy ny tolotro omen'ny rohivoahary, an-tanety, an-dranomamy, an-dranomasingy, dia vokajy sy voatantagny amin'ny fomba mahomby, amin'ny alalan'ny fametrahagna faritry na vondrom-paritry arovagna ka magnaja ny zon'dro fokonolo agny ampotorany. Anisan'ny fikajigny amin'ny fomba hafa ihany koa ny fikajigny ireo faritra ara drazana misy eo amin'ny faritry.

Tanjongo Lah. 1: Voajary sy voatantagna ny faritry rehetra mba hampihegnana farany izay hely indrindra ny fahaverezan'ny toeragna manan-danja amin'ny karazanjavamanan'aigny

Mihegny farany izay hely indrindra ny tahan'ny fahaverezan'ny toeragna manan-danja amin'ny karazan-javamanan'aingny, an-tanety, an-dranomamy, an-dranomasy, amin'ny alalan'ny fandrafeta drafitry fanajariagna ny tany, andraisan'ny olo jiaby anjara, mirindra ary manaja ny zon'ny any ampotoragny.

Maridrefy milaza fa miroso amin'ny fahatratraragny ny tanjona atsika

Velaran'ny tany sy ranomasginy voarakotrin'ny drafi-panajarianga

Velaran'ny faritry arovagna

Manaja ny zon'ny fokonolo eny ampotorany

Convention on Biological Diversity

Fantaro ny fifanarahanana iraisam-pirenena momba ny karazanjavamananaina

TAFO MIHAAVO

Mamaly ny filan'ny olombelo

Tanjognolah.11: Tafaverignyamin'ny logniny, voakajy ary mihatsara ny asan'ny zavaboahary ka mitondra vokatsoa ho an'ny olombelo

Miverigny amin'ny laogniny, voakajy ary mihatsara nyasan'nyzavaboahary kamitondra vokatsoa hoan'ny olombelo amin'ny alalan'ny vahaolana sy ny fomba fatao mifototro amin'ny asa sy ny tolotro avy amin'ny rohivoahary, ohatra ny tsioka madio, ny rano sy ny ranomasy,ny fahasalaman'ny tany, ny fahamatoran'ny vognikazo sy ny kakazo avy amin'ny fagnomezam-bogny (pollinisation), ny fihegnan'ny hambagna ho an'ny fahasalaman'ny olombelo.

Maridrefy milaza fa miroso amin'ny fahatratraragny ny tanjona atsika

CO2/ Entogno voageja isakin'ny rohivoahary

Fidiram-bola vokatrin'ny fivarotagna Entogno Mangeja Hafagnana

Orinasa mandray andraikitry ara-tsosialy amin'ny fitantagnana maharitry ny loharanonkarena voajanahary

Convention on Biological Diversity

Fantaro ny fifanarahanana iraisam-pirenena momba ny karazanjavamananaina

TAFO MIHAAVO

Fampitaovana sy fampihatiana

Tanjona lah.23: Mampihatra ny miralenta amin'ny fanatanterahana ny asa rehetra

Mandritra ny fanatanterahana ny Drafitra Manerantany ho amin'ny Karazanjavamananaina dia ampiharina hatrany ny miralenta sy ny fampitoviana ny lahy sy ny vavy. Ampiharina koa izany fomba fiasa izany amin'ny fanatrarana ny Vondrona 3 lehibe, ny fahazoana misitraka ny zo ary ny fisitrahana ny tany sy ireo harena voajanahary misy ao amin'ny faritra ifampivelomana, ny fahafahana mandray fanapahan-kevitra amin'ny fandrafetana ny politikam-pampandrosoana sy ny amin'ny lafiny karazanjavamananaina.

Tanjona lah.21: Ampelatanana ny atontanisa, ny vaovao sy ny fahalalana rehetra ahahafahana mandray fanapahan-kevitra

Mandray fanampahan-kevitra malalaka momba ny karazanjavamananaina ny mpitondra, ny mpisehatra, ny vahoaka rehetra satria marim-pototra, feno ny fahalalàna eo ampelatanany. Tokony ahazoana alàlana mialoha ao anaty fahazavan-tsaina tanteraka avy amin'ny Fokonolona eny ifotony ny fampiasana ny fahalalàna netim-paharazana. Hamafisina ny rohy hanamorana ny fikorianam-baovao, ny fifanankalozana traikefa sy ireo paikady mahomby, ny fanentanana, ny fanjohiana ny ezaka vita, ny fikarohana ary ny fitantanana ny harentsaina.

Maridrefy milaza fa miroso amin'ny fahatratrarana ny tanjona isika

- Andraikitra eo amin'ny fitantanan-draharaha eny ifotony manaja ny miralenta;
- Fanjohiana ny vokatra amin'ny alalan'ny antotanisa, fampahalalam-baovao, serasera sy fanabeazana;
- **Fanatsarana sy haitao, ary fampiharana izany ataon'ireo Fokonolona eny ifotony**

coopération allemande · Norvège · giz · NBSAP accelerator partnership

Convention on Biological Diversity

Fantaro ny fifanarahanana iraisam-pirenena momba ny karazanjavamananaina

TAFO MIHAAVO

Mihena ny hambana amin'ny fahaverezan'ny karazanjavamananaina

Tanjona lah. 3: Voaaro ny 30% ny tany, ranomamy ary ny ranomasina

Farafahakeliny 30% n'ny toerana manan-danja manokana amin'ny karazanjavamananaina sy ny tolotra omen'ny rohivoahary, an-tanety, an-dranomamy, an-dranomasina, dia voaaro sy voatantana amin'ny fomba mahomby, amin'ny alalan'ny fametrahana faritra na vondrom-paritra arovana ka manaja ny zon'ireo fokonolona eny ifotony. Anisan'ny fiarovana amin'ny fomba hafa ihany koa ny fanajana ireo faritra ara-drazana misy eo amin'ny faritra.

Tanjona lah. 1: Voajary sy voatantana ny faritra rehetra mba hampihenana farany izay kely indrindra ny fahaverezan'ny toerana manan-danja amin'ny karazanjavamananaina

Mihena farany izay kely indrindra ny tahan'ny fahaverezan'ny toerana manan-danja amin'ny karazanjamananaina, an-tanety, an-dranomamy, an-dranomasina, amin'ny alalan'ny fandrafetana drafitra fanajariana ny tany, andraisan'ny be sy ny maro anjara, mirindra ary manaja ny zon'ny eny ifotony.

Maridrefy milaza fa miroso amin'ny fahatratrarana ny tanjona isika

Velaran'ny tany sy ranomasina voarakotrin'ny drafi-panajariana

Velaran'ny faritra arovana

Manaja ny zon'ny fokonolona eny ifotony

coopération allemande · Norvège · giz · NBSAP accelerator partnership

Convention on Biological Diversity

Fantaro ny fifanarahanana iraisam-pirenena momba ny karazanjavamananaina

TAFO MIHAAVO

Mamaly ny filàn'ny olombelona

Tanjona lah.11: Tafaverina amin'ny laoniny, voaaro ary mihatsara ny asan'ny zavaboahary ka mitondra vokatsoa ho an'ny olombelona

Miverina amin'ny laoniny, voaaro ary mihatsara ny asan'ny zavaboahary ka mitondra vokatsoa ho an'ny olombelona amin'ny alalan'ny vahaolana sy ny fomba fanao mifototra amin'ny asa sy ny tolotra avy amin'ny rohivoahary, ohatra ny rivotra madio, ny rano sy ny ranomasina, ny fahasalaman'ny tany, ny fahamatoran'ny voninkazo sy ny hazo avy amin'ny fanomezam-bony (pollinisation), ny fihenan'ny hambana ho an'ny fahasalaman'ny olombelona.

Maridrefy milaza fa miroso amin'ny fahatratrarana ny tanjona isika

CO2/ Entona)voageja isakin'ny rohivoahary

Fidiram-bola vokatrin'ny fivarotana Entona Mangeja Hafanana

Orinasa mandray andraikitra ara-tsosialy amin'ny fitantanana maharitra ny loharanonkarena voajanahary